# 9 NY RAFITRY NY FEHEZANTENY

## TANJONA

- Mamantatra sy mandrafitra fehezanteny araka ny karazan-drafitra rehetra
- Manavaka ny fehezanteny mivadi-drafitra
- Mahafolaka ny teknikan'ny fandrasana sy ny rafi-pehezateny ary mampiasa izany
- Manoratra fehezanteny tso-drafitra sy mivadi-drafitra

## LESONA HOTADIDIANA

**1. Fanamaritana**

Ny rafi-pehezanteny dia voafaritry ny toeran'ny enti-milaza (EM) sy ny lazaina (L) ao anaty fehezan-teny.

**2. Karazany**

Roa ny karazana rafi-pehezanteny:

- fehezanteny tso-drafitra: EM mialoha ny L
- fehezanteny mivadi-drafitra: L mialoha ny EM.

| Fehezanteny | Antony | Fitsipika | Ohatra |
|---|---|---|---|
| tso-drafitra | Tiana hasongadina ny enti-milaza (EM) | EM + L | Matory ny zaza. |
| | | | |
| mivadi-drafitra | Tiana hamafisina ny lazaina (L) | L + dia (kianteny) + EM | Ny zaza dia matory.<br>na |
| | | L + no (kianteny)+ EM | Ny zaza no mitomany |

### 3. Fanamarihana

a.Tsy miova ny hevitry ny fehezanteny tso-drafitra rehefa atao ho mivadi-drafitra izy.

b.Azo ovana ho tso-drafitra ny fehezanteny mivadi-drafitra ary azo ovana ho mivadi-drafitra ny fehezanteny tso-drafitra.

**Sahanasa 1**

Indreto misy fehezanteny maromaro.

Fzt 1: Dadatoa Robera no filohan'ny fokontaninay.
Fzt 2: Faly i Rova sy i Bera.
Fzt 3: Ilay hazo eo andrefana no hotapahina.
Fzt 4: Namboly voamanga izahay sy i Dadabe.
Fzt 5: I Zara Omby no nitomany.

Fanontaniana:

1. Lazao ny anjara asan'ny teny ao anatin'ireo fehezanteny ireto.
2. Lazao ny rafitry ny fehezanteny. Porofoy ny valin-teninao.

## Sahanasa 2

1. Ao anaty vondrona, vakio ny lahatsoratra.

**Tapitra ny haintany!**

I Bera bitro sy i Rova saka dia mpinamana hatry ny ela. Indray andro, hoy i Bera tamin'i Rova.

« Ndao isika hitsangatsangana any amoron-drano. Reraka aho izany. »

"Ndao ary e!", hoy i Rova. "Sady misy hazo maintso mavana azo ialofana tsara izay any!"

Nony tonga teny amoron-drano ...

"Oay! Bera a! Fa toa maina ilay hazo be nidoroboka tery! Ny tany koa dia karakaina!"

"Iza izany mitomany izany? » Hoy i Bera.

"Mmm mmmmm mmmmm", hoy ny hazo. "Haintany anie izao e! Nihena be ny rotsakorana, efa ho taona iray izao. Ny renirano atsy avaratra moa dia ritra mihitsy!"

Nitaraina i Zara omby. "Karakaina ny tany ka tsy misy bozaka maniry hataonay sakafo. Noana izahay! »

"Ao fa horesahinay ny olombelona. Izy ireo no hamboly hazo. Ho avy indray ny orana amin'izay." Hoy i Bera sy i Rova.

Maro ny hazo novolen'ny olombelona. Avy indray ny orana. Niverina tamin'ny laoniny ny rotsakorana ka ampy ny rano. Naniry ny bozaka aman'ahitra. Maintso ery ny tontolo! Voky ry Zara mianakavy. Tsy ritra intsony ny renirano. Faly ery i Rova sy i Bera milomano tao an-drenirano na dia avy aza ny orana. Tapitra ihany ny haintany!

2. Tsimpony ka avereno soratana izay fehezanteny mivadi-drafitra.

## Sahanasa 3

Avereno soratana ireto fehezanteny ireto ka atomboy amin'ny teny ao anaty fonon-teny ny fehezanteny.

Ohatra: Ravan'ny rivo-doza io trano io. (Io trano io)
>> Io trano io dia ravan'ny rivo-doza.

1. Hijinja izay nafafiny ny tsirairay. (Ny tsirairay)

2. Ny saka no nangalatra ny laokanao ka! (Nangalarin'ny )

3. Ny saka no nangalatra ny laokanao ka! (Ny laokanao )

4. A: Iza amin'ireo no rahavavivao?
   B: Io vehivavy manao solomaso io no rahavaviko. (Rahavaviko)